*Conseil Chrétien des Eglises à Madagascar – Christian Council of Churches in Madagascar*

**FIOMBONAN'NY FIANGONANA KRISTIANINA ETO MADAGASIKARA – FFKM**

BP 798 Antananarivo 101
Tél : 26 234 33
e-mail : ffkmfoibe@gmail.com
Madagascar

**FANAMBARANA :**

Isaorana ny Tompo Andriamanitra fa tontosa soa aman-tsara ny fampihaonana dingana faharoa ireo Filoha dia : Atoa Hery Rajaonarimampianina, Filohampirenenaam-perin'asa, Atoa Didier Ratsiraka, Atoa Profesora Albert Zafy, Atoa Marc Ravalomanana samy Filohampirenena teo aloha ary ny Filohan' nyTetezamita teo aloha Atoa Andry Nirina Rajoelina.

Kihon-dalana lehibe anankiray teo amin' ny fiainam-pirenena izany, satria dingana lehibe hitondra ho amin' ny fanatanterahana ny ezaka ho amin' ny fampihavanam-pirenena no vita ka niheveran'ireo mpivory ny fomba hampanjariana izany.

Isaoran' ireo Filoham-piangonana efatra eoanivon' ny FFKM ny finiavana nasehon' ireo Filoha dimy mirahalahy tamin' izany. Ankasitrahana indrindra koa ny fanamorana ny fihaonana izay nataon' ny Fitondram-panjakana.

Ny zava-dehibe nitondrana ny fifanakalozan-kevitra dia araka ny foto-kevitra 4F hatrany (Fieken-keloka, Fibebahana, Fahamarinana ary Fihavanana).

Ny filamatry ny 4F dia natao hanampiana ny mpiantsehatry ny Fampihavanana sy ny Fanarenam-pirenena rehetra mba hanananyny toe-tsaina sy ny toe-po ary ny fijery madio ilaina mba hisian' ny fifanakalozana sy ny finiavana madio handrosoana ho amin' ny fanatsarana hatrany ny fiainam-pirenena.

Amin' ny maha asan' ny Fiangonana azy, ny Raiamandreny FFKM dia nitarika ny mpivory hiatrika ny fampiharana ny fotokevitry ny fieken-keloka toy ny hoe :

- Tsy mandrefy ny fahadisoako amin' ny an' ny hafa aho.
- Miaiky ny heloko aho satria manimba ny fifandraisako amin' Andriamanitra sy ny mpiray tanindrazana amiko izany.
- Tsy miandry ny hafa hiaiky ny helony amiko aho vao hiaiky heloka koa.

Niainga tamin' ny fanontaniana 33 izay mitsinjara lohahevitra 4 (Tanjona ankapobeny, Zava-kendrena, Rafitry ny Fampihavana-pirenena, Fepetra hampahomby ny asa ho tanterahana) ny dinika ary mbola hitohy amin' ny 15 Janoary 2015 nyf ivoriana aorian' ny fandalinana sy famaliana ireo fanontaniana ireo. Ny fanontaniana dinihina dia fandravonana ny dinika natao tamin'ny dinika 3, 4 sy 5 Mai 2013 tao amin' ny CCI, Ivato.

Ireo mpivory dia manamafy etoana fa lavitr'ezaka ny dingana ho amin' ny Fampihavanana ary liana ny fandraisana anjaran'ny vondron'olona sy ny hery velona rehetra eto amin' ny firenena. Misy ny asa ilaina tanterahana maika ; ao koa ireo izay mila ezaka sy rafitra hajoro ny fanatanterahana azy. Miara-manaiky ny mpivory fa hanolotra sosokevitra ho amin' ny fanokafana ny ezaka ho Fampihavanam-pirenena ho an' ny hery velona rehetra eto amin' ny firenena sy ny fomba ho enti-manatanteraka izany.

Amin'ny anaran'ny FFKM